**FIKAMBANANA APOKALYPSY ETO MADAGASIKARA**
Lot IVO 69 B Bis Antohomadinika- Atsimo Antananarivo 101
Tel 22 657 87

# ROTA SY NAOMI ARY BOAZA

- Sedra sy fitsapana eo amin'ny fiainana
- Fanambadiana hafa firenena
- Fivelomana sy ny fahantrana
- Fifandraisan'ny zanaka sy ny reny na rafozana
- Fanehoam-pitiavana eo amin'ny lahy sy ny vavy

## LESONA HO AN'NY TANORA

**TAONA VOALOHANY - NAVAOZINA 2010**

**TANDREMO**

**NATOKANA HOAN'NY TANORA ITY LESONA ITY! EO AMIN'NY**

1. **Endriny**
2. **Firafiny**
3. **Voambolana ampiasaina**

**EKIPA TEKNIKA S.S.T**

# ROTA SY NAOMI
# ARY BOAZA

## FANOROAM-PEJY


| Lesona | Lohahevitra | Pejy |
|---|---|---|
| | Fampidirana | |
| 1 | NY ARA-NOFO SA NY ARAM-PANAHY? | 1 |
| 2 | NY FANAMBADIANA OLONA TSY MITOVY AMIN' NY TENA | 6 |
| 3 | MITONDRA NY HAZO FIJALIANA | 9 |
| 4 | NY TENA FITIAVANA MARINA | 12 |
| 5 | NY LANJAN'NY LAZA TSARA EO AMIN NY FIAINANA | 16 |
| 6 | SADY OLO-MAZOTO NO TSARA FANAHY | 19 |
| 7 | NY FIFANKATIAVAN'NY MPIANAKAVY SY NY FIFANAMPIANA | 20 |
| 8 | RAIAMANDRENY MANDRAY ANDRAIKITRA | 22 |
| 9 | ZANAKA SY RAY AMANDRENY MIFAMPATOKY | 25 |
| 10 | FANAMBADIANA VOATSO-DRANO SY TEO ANATREHAN'NY VAVOLOMBELONA MARO | 26 |


**Boky** Taona 2008 - **NAVAOZINA 2010/** Loharanon-tsary: www.fotosearch.fr

## ROTA SY NAOMI ARY BOAZA

**Fampidirana:** Indraindray dia misy zavatra mangidy mihatra aeo amin'ny fiainana izay mahatofoka ny fo sy mety hampihemotra tokoa, ahoana no ho fihetsikao sy toe-panahy raha ianao no maty vady, maty zanaka, tsy misy taranaka handimby? Tsy misy loham-pianakaviana hamelona … Ary azo atao ve ny miaina fifandraisana milamina eo amin'ny vinanto sy rafozana? Ity tantara ity dia tantara marina niseho ary azo anatsoahana lesona marobe tokoa, amin'ity indray mitoraka ity dia fijery tanora sy hoantsika tanora no fomba entintsika hianatra ity tantara malaza ity.

**Iza moa i Rota ?:**

I Rota dia vehivavy Moabita (tsy Jiosy izy, fa taranak'i Moaba ilay zanaka sady zafikelin'i Lota, havan'i Abrahama i Lota (ary novadian'ny zanany roavavy rehefa avy nampisotroiny divay **Gen 19 :30-38**). Ny zanak'i Abrahama kosa no niandohan'ny **Jiosy** (taranak'i Isaka) sy ny **Arabo** (Taranak'i Ismaela). Ny zanak'Israely indray dia ilazana ny taranak'i Jakoba

Nanambady lehilahy Jiosy izay nivahiny tany amin'ny firenena misy azy i Rota, maty anefa ny rafozan-dahiny, maty koa ny vadiny, ary tao anaty fahantrana tanteraka izy ireo ; andeha ary hojerentsika ny fiandohan'ny tantara :

## I. NY ARA-NOFO SA NY ARAM-PANAHY?

**Fifindra-monina vokatry ny fahantrana:**

*Vakio Rota 1:1-5 - Vanim-potoana anisan'ny maizina teo amin'ny tantaran'ny firenena jiosy ity fotoana ity: Tsy nisy fitondram-panjakana tafajoro mazava tamin'izany ka samy manao izay heveriny fa mety ny olona (samy manao izay tiany Jereo* ***Mpit 17:6)****; etsy andanin'izany koa dia nisy "mosary be nahatsiravina). Nifindra monina noho izany ity fianakaviana anakiray ity: Ny lehilahy (Elimeleka) sy ny vadiny (Naomi) ary ny zanany roalahy (Malona sy Kiliona), Nifindra monina tany amin'ny firenen-kafa izy ireo (tany Moaba).*

**1- Fa nahoana no nifindra-monina ity fianakaviana ity? Rota 1:1**

Nisy mosary teo amin'ny tany onenany, ary tsy afaka nivelona ara-dalàna izy ireo

**2- Azony antsaina ve ny lafiratsy sy lafitsaran'izany fanapahan-kevitra izany?**

Marina tokoa fa "manantena sy miandrandra" fiainana moramora kokoa sy fiadanana ny olona matoa mifindra monina, kanefa ny lafiratsin'izany dia tokony hatao antsaina ihany koa toy ny hoe "hanao ahoana ny fiainam-panahy raha mifindra toerana any aho? Mbola ho afaka hanao ny asan'ny Tompo aho ve, mbola ho afaka hanompo Azy sy hanaraka ny sitrapony aho ve rehefa tonga any? Hampitombo ny fahalalàko sy ny fanoloran-tenako ve ny fifindrako toerana any?

Manahirana ny manapa-kevitra amin'ny olana toa itony satria matetika ny "ara-nofo" no mifanohitra amin'ny "ara-panahy".

I Abrahama indray dia Andriamanitra mihintsy no niantso azy hiala amin'ny tanindrazany ka hifindra toeranan-kafa mba hanompo Azy. Nefa misy fotoana izay tsimaintsy hijerena ny tena sitrapon'Andriamanitra sao manome tsiny an'Andriamanitra isika raha sendra sahirana rahatrizay.

**3- Lanjalanjao ny fanapahan-kevitra raisina:**

Ireto misy fanotaniana fito tsara apetraka rehefa hivahiny na hifindra monina na hifindra toerana honenana ianao:

- Inona no loza na fakam-panahy any? **Oha 27:12** ; **I-Tim 6:9-10**
- Mora sa lafo ny fiainana any? **Lio 14:28**
- Raha any no mitady asa, velona ve? **Oha 13:4**
- Iza no mahalala ny momba ny any, ahoana hoy izy? **Oha 1:5**
- Inona no antony honenana na hifindràna any? **Gal 6:7-8**
- Ho afaka hanompo an'Andriamanitra ve rehefa any? **Oha 13:20**
- Mankasitraka ny handehanako any ve I dada sy neny? **Oha 23:22**

**4- Inona no vokatr'ilay fifindra-monina teo amin'I Naomi? Rota 1:1-7**

Tsy fahombiazana tanteraka no vokatra voalohany, naharitra folo (10) taona izy no nitoetra tany kanefa dia:

- Maty ny raim-pianakaviana
- Nanambady vehivavy avy amin'ny firenen-kafa ny zanany roalahy
- Maty ihany koa ireo zanany roalahy ireo,
- Tsy misy taranaka mandimby akory,

❖ Ny fahantran'ny fianakaviana anefa tsy afaka fa ny teo ihany no teo…

**Fanotaniana andiany -I**

1) Iza avy ireo mpianakavy amin'I Naomi nivahiny tany amin'ny tany Moaba?
2) Iza marina moa ny Moabita?
3) Inona avy ireo mila lanjalanjaina rehefa hitoetra ela any an-tanin'olona?

## II. NY FANAMBADIANA OLONA TSY MITOVY AMIN NY TENA

Adihevitra be eo amin'ny mpino, indrindra fa eo anivon'ny fiangonana "mifoha" ny hoe "afaka manambady olona tsy mitovy finoana sy fomba fivavahana aminy ve ny Kristiana anakiray"?

**1. Nanambady Moabita ny zanak'izy mivady!**

**Vakio Rota 1: 4** - Ny zanak'I Naomi roalahy dia nanambady Moabita, "*normaly*" tsara izany satria any amin'ny firenena Moabita izy ireo no monina… (misy akony eo amin'ny fiantefan'ny fitiavanao na ny zanakao ny "toerana" na "faritra" misy anareo, na dia fantany aza fa tsy mitovy aminy ireo "olona manodidina ireo"). Ilaina noho izany ny mifanerasera amin'ny olona mitovy amin'ny tena eo amin'ny fiainana andavan'andro (fa tsy maintsy hitodika any ny fiantefan'ny fitiavana na ho ela na ho haingana)

**2. Ahoana moa ny hevitr'Andriamanitra mikasika ny fanambadiana olona tsy mitovy fihaviana na fomba fivavahana amintsika**? Vako Deot 7:1-3 …….

Mampiala ny fontsika amin'Andriamanitra ny fiarahantsika na ny nanambadiantsika ireny "firenen-kafa" ireny!

**3. Mahalala ohatra momba izany ve isika eo amin'ny fiainana andavan'andro?**

Mety tsy ahafoy fotoana amin'ny sehatra Kristiana intsony ianao, aleonao miaraka aminy; mety hanaiky ho any ampiangonanao ihany izy, saingy ho valin'izay dia tsy maintsy manao zavatra tsy mifanaraka amin'ny fombanao na fomban'ny fiangonanao ianao…

- Tsy mitovy ny sakafo ohanina
- Tsy mitovy ny fiteny, ny fomba fivavaka, hatramin'ny fitafy koa aza
- Tsy mitovy ny fijery
- Ny zava-dehibe (soatoavina Kristiana) aminao mety ho tsy misy dikany aminy akory.

Ny tenin'Andriamanitra aza dia miteny mihintsy hoe "**Aza mety asiana zioga tsy antonona anareo, hikambanana amin'ny tsy mino**" II Kor 6:14" , Marina tokoa fa mety ho "fitiavana" mahery no mampikambana anareo amin'ny voalohany, saingy ho lasa "zioga mavesatra" iny "fitiavana nampikambana" iny rahatrizay mandroso ny fotoana.

4. **Fankahalàna olona ve izany sa fitiavana? Manavakava-bolokoditra na finoana va Andriamanitra?**

Tena fitiavana izany ! Fitiavana anao, fitiavana antsika, mitsinjo dieny mialoha ny tsy hivangongoan'ny olana eo amin'ny fiainantsika Andriamanitra satria « olana » maro no hitranga raha manambady na miaraka aminy ianao,

- *Tsy hitovy ny fomba fijery ny fiainana*
- *Tsy mitovy ny laharam-pahamehana*
- *Tsy mitovy ny fomba amam-panao , na ara-pivavahana io na ara-piaraha-monina*
- *Tsy mitovy ny foto-pisainana (ny fomba famahana olana)*
- *Ho sahirana ny zanaka na ny taranaka amin'ny soatoavina tokony harahana, ny an'I dada sa ny an'I neny no hajaina?*

Ny tsy fitoviana dia hiteraka disadisa hatrany…hanampy ireo disadisa efa mpiseho eo anivon'ny mpivady sy ny ankohonan'ny Lahy sy ny Vavy

5. **Inona anefa no tombotsoa raha manambady olona "mpiray firenena" aminao ianao?**

Raha manambady olona mpiray finoana na firenena (fomba) aminao ianao dia "EFA MBA DIFY SAHADY NA MIHENA SAHADY ireo olana ireo, ka mba olana AMBINY sisa no atrehinareo roa , toy ny fivelomana, fandaminana ny programam-piainana, fanabeazana ny taranaka…, fa tsy ho lany andro amin'ny fifandresendahatra, ny adihevitra mikasika ny sabata, ny kisoa, ny fifadian-kanina, ny "Ampahafolon-karena", ny lahy lohan'ny vavy, batisan'ny zaza sns intsony ianareo roa..

**"Fa ny fitiavana no lehibe indrindra: Vakio I Kor 13-13**

Hoy ny soratra masina hoe "Ireo telo ireto no mitoetra: ny finoana, ny fanantenana, ary ny fitiavana, fa **ny fitiavana no lehibe indrindra**" Midika koa izany fa ny finoana sy ny foto-pinoana arahina dia tsy mahaleo ny fitiavana, ka raha tena tia ianao dia tsy maintsy voasarika hatramin'ny finoanao satria ny finoana hoy ny Soratra Masina dia tsy lehibe (tsy mahaleo) ny fitiavana!

### 6. Ohatra momba an'I Solomona

Mety hisy hievitra hoe "Ankinina amin'ny Tompo, dia izy no angatahina fahendrena entina mifandray amin'ilay olon-tiana!" fa raha misy fahendrena dia milamina foana io! Na mety hisy tokoa hiteny hoe "hijoro hatramin'ny farany aho ka hanambady olona tsy "mpiray firenena amiko"

***Misy Hendry noho I Solomona va?***

Solomona dia mpaminany sy mpanjaka HENDRY tokoa (nomen'Andriamanitra fahendrena) saingy vokatry ny fiarahany tamin'ny vehivavy maro, Jiosy, Ejyptiana, mpanompo sampy sns dia niova izy (araka ilay voalazan'ny Deotoronomia), Manamarina ny Tenin'Andriamanitra mihintsy ny nanjo an'I Solomona! "Ny ***Hendry mahatazana ny loza ka mandositra***" Ohab 14:16

Tapitra ny lesona faha II

**Fanotaniana andiany faha II**

1) Inona no antony mahatonga an'Andriamanitra hilaza fa mampiala ny fontsika amin'ny fanarahana Azy ny fanambadiantsika olona hafa firenena (finoana)?
2) Inona avy ireo olana mety mitranga raha manambady olona tsy mitovy finoana amintsika isika?
3) Inona kosa ireo tombotsoa?

## III. MITONDRA NY HAZO FIJALIANA

**Rota *1:13*** **"Mangidy lavita ny manjo ahy noho ny nanjo anareo, fa ny tanan'I Jehovah eva nahinjiny hamely ahy"**

*Film La passion du Christ*

*Avy amin'Andriamanitra tokoa ve izao manjo ahy izao?*
*Dia tena sitrak' Andriamanitra ve izao fahoriako izao*
*Nahoana no mivaly ny vavaky ny hafa, fa ny ahy tsy mivavaka*
*Fa inona no ratsy nataoko no iharan'izao aho?*

***Teny fandre matetika ireo teny ireo rehefa misy olona azom-pahoriana na hiajadian'ny olana . Asa na nanao ahoana raha isika no teo amin'ny toeran'I Naomi izay sady maty vady no maty zanaka roalahy, tsy misy tavela ny ankohonany fa izy irery sisa no velona, ? Ahoana no hataony rehefa hiverina irery any amin'ny tany nihaviany? Mitamberina ao antsainy izy efa-mianaka feno fanantenana handeha hifindra monina, folo taona taty aoriana ny fahantrana mbola mitoetra hatrany! Ankehitriny anefa izy irery sisa no tavela, Hiverina ao anatin'ny Faharesena!***

***Nahoana ny vadin'ny hafa no velona, ny azy maty? Eo amin'ny fiainana andavan'andro dia maro no mametraka fanotaniana toa izany, "Nahoana ny tranon'ny olona tsy vaky ny an'ny tena misy nandroba?, nahoana ny hafa manan-janaka maro, ny an'ny tena tsy misy? Nahoana ny hafa tsy miezaka akory dia manana ny ampy, ny tena misahirana sy manao ny rariny tsy mety afaka amin'ny fahasahiranana hatrany? Nahoana ny hafa toa ratsy endrika amam-bika nefa nahazo vady, ny tena isan'izay mba tsara toa antitra ampijoroana? Nahoana ny vadin'ny hafa Hendry, ny an'ny tena maditra? Nahoana?***

Raha mandinika ity andalan-tsoratra ity dia izao no tsapa: Ankoatry ny fitsipika sy finoana ary asa iraisana (itovizana) izay takian'Andriamanitra amin'ny mpino rehetra, dia misy **"sedra na fitsapana manokana"** na "*epreuve special*" hoan'ny

vondron'olona manokana, na sokajin'olona manokana, ary ny singan'olona manokana; Jereo anie :

- Ny zanaka dia tsimaintsy manaja ray sy reny (sokajin-taona izay)
- Ny lehilahy tsimaintsy tia ny vadiny (na tsy manaiky azy aza ny vadiny; hoan'ny lehilahy izay)
- Ny vehivavy tsimaintsy manaiky ny vadiny (na tsy tia azy aza ny vadiny; Hoan'ny vehivavy kosa izay)
- Ny diakona sy ny loholona ary ny mpitarika amin'ny ankapobeany dia tsimaintsy ho manambady tokana, mahafehy ankohonana sns (hoan'izay te hanao Diakona sy Mpitandrina izay) , sns

Ireny fepetra sy asa takiana ireny dia mafy tokoa, kanefa arakaraky ny sokajy misy antsika dia tsy maintsy atao na "zakaina" izay tandrify eo!

1. **Ohatra momba an'I Jesosy Kristy, Paoly sy ny "sedranizireo"**

"Ray o! Nahoana no dia nahafoy ahy ianao? "Antsoantso sy vavaka nataon'I Jesosy io, Izy izay zanaky ny Ray saingy tsy novaliany vavaka fa **toa navelany hiady irery teo!**

I Paoly koa dia mba nangataka in-telo ny hanalàna izay lazainy fa "tsilo" tamin'ny tenany fa tsy nahazo valiny mahafa-po mandrapahafatiny (II-Kor 12:7-9)

Raha izany dia misy hetaheta na vavaka izay tsy toavin'Andriamanitra mihintsy izany, misy aretinao izay tsy sitraniny mihintsy, misy olanao izay tsy vahany mihintsy, satria nahoana?

"**Tsy maintsy** amin'ny *fahoriana be no hidirantsika ny fanjakan'ny lanitra*" hoy I Paoly (Asa 14:22)

Izay *te hanaraka Ahy hoy Jesoa Kristy dia* "**tsy maintsy** *mitondra ny hazo fijaliany*" (Mar 8:34)

Maneho ny tenin'Andriamanitra fa **hisy fotoana, ary misy fotoana izay avelany irery isika** ary hisedra sy hizaka "fahoriana be" ary tiany ho hita hoe vokatry ny "safidintsika" tokoa ve ny hanarahantsika azy? sa vokatry ny fahatsapana ny heriny sy ny fitahiany , na ny tahotra Azy fotsiny !

Io fahoriam-be io koa dia tsimaintsy zakain'ny Kristiana tsirairay, raha tsy izany dia tsy ho tadiditra ny fanjakan'Andriamanitra mihintsy izy…

**MISY ZAVATRA ANDRASAN' NY TOMPO AMINAO**

Mialoha, sy Mandritra ary aorian'io "fahoriana io" dia tokony tsy hiova mihintsy ny fifandraisantsika amin'ny Ray , fa tokony hihamafy sy hifanakaiky kokoa aza… na dia navelany irery sy tsy novaliany vavaka aza isika … Raha vitantsika izay dia "afaka fanadinana , mahazo miditra ny fanjakan'ny lanitra isika!"

**Vavaka tsy mivaly araka izay noheverina,**

Na I Paoly aza dia nangataka mba hoesorina aminy ny "tsilo" izay manindrona azy saingy tsy neken'Andriamaintra ny fangatahany na dia "intelo" aza izy no nangataka izany, fa efa "Ampy anao" hoy Izy ny fahasoavako . **II kor 12:7-9**

Na mafy tamin'i Naomi anefa ny nampitondrain'I Jehovah azy dia tsy nivadika tamin'I Jehovah izy fa ary fantany fa mbola "mpitahy sy mpanome fiadanana" I Jehovah , ary nambarany tamin'I Rota sy ilay rahavaviny izany ! (Rota 1:8-9)

**Ry tanora malala:**

Misy antokom-pivavahana mihamahazo amin'izao fotoana izao , izay mitory "fiadanana fiadanana" ! Aza sodoka ianao fa hoe "izay angatahina amin'Andriamanitra dia ho azo ara-bakiteny tokoa, na koa hoe rehefa lasa Kristiana dia tsy hisy olana intsony ny fiainana! Amin'ny fahoriana be no hidirana ny fanjakan'ny lanitra ary tsy maintsy handalo izany ny tsirairay, ary samy hanana ny tandrifiny fa tsy hitovy avokoa ny fisehony, fa ny *vaikany* kosa dia samy "hiaritra vaika mitovy" isika rehetra ireo! SEDRA tsy maintsy lalovana anefa io, koa aza miova na mivadika amin'ny toetra mendrika na amin'ny finoana an'Andriamanitra rehefa tonga sy mandalo izany ORA sy VANIM-POTOANA MANGIDY izany!

**Fanotaniana andiany faha III**

1) Nahoana no lazaina fa tsy voatery hivaly araka izay nangatahina avoka ny vavaka atao rehetra?
2) Inona no toetra na fisainana tokony hananana rehefa iharan'ny sedra ny fiainan'ny Kristiana anakiray?

## IV. NY TENA FITIAVANA MARINA

Naomi sy ny vinantony roavavy

Mahalasa saina tokoa ilay lesona teo aloha mikasika ny olana mety hitranga raha manambady olona tsy mitovy aminy na antonona azy ny Kristiana, Misy fanotaniana malaza anakiray izay fametrak'isika tanora manao hoe "Ahoana moa no ahafantarana fa tena tia tokoa ny olona iray?"

Samy mety hanana ny valiny omena antsika ny mpanabe na ny mpitoriteny, fa ity lesona manaraka ity dia anakiray entina hampianatra antsika hoe ahoana no tokony ho fihetsik'izany hoe "tia" izany?

1. **Tsy manery ny hafa ho tia anao fa mamela malalaka azy**!

Nilaza tamin'ny vinantovaviny I Naomi fa "afaka" mandeha manambady olon-kafa iziroa vavy!

Lesona anakiray entina mitia io, ary fomba anakiray voalohany ahafantarana fa tia ny olona iray ; mamela anao "halalaka" izy , tsy maneritery, na manao "*chantage*" na mame-petra anao tsy hiresaka amin'olona, na tsy hanao izao, na zaroa, fa mamela anao hisafidy malalaka! Taratry ny toe-po an'Andriamanitra io, tsy manery antsika ho tia azy Izy, tsy manakana antsika na sarotiny amin'izay tiantsika aleha, fa tiany ho ny sitrapon-tsika mihintsy ny ho "tia Azy"

2. **Manaiky hanaraka sy mankatoa ary hifanampy aminy kosa**
3. **Fepetra hafa**

Etsy andanin'izany anefa dia misy ireto marika na fepetra manaraka ireto ihany koa izay tsy maintsy mitombina tsara, mba ho azonao antoka na azony antoka fa tia anao ny olona iray

**Vakio Rota 1:16**, Tiany ilay rafozany ka

1. Manaiky hanaraka ny rafozany amin'izay toerana rehetra halehany izy
2. Ny hiara-mitoetra aminy (na amin'nymora na amin'ny sarotra)
3. Manaiky ny hitovy firenena (fomba) aminy
4. Manaiky ny hanompo ny andriamanitr'ilay rafozany izy
5. Manaiky hatramin'ny fahafatesana

*"…Mahatsiaro ny toky natao teo amin'ny alitara aho mamaky lo andalantsoratra masina lo, tena dika mitovy amin'io tenin'I Rota io mantsy ny tokim-pitiavana izay tenenina mandritra ny lanonana fanamasinana ny fanambadiana.."* **Zoky Andry**

Iza ihany koa anefa ny olona (vehivavy) indrindra indrindra no tsy maniry aheno ny "olon-tiany hibaboka" toa izany? Rehefa miresaka fitiavana anefa dia tsy maintsy voateny hatrany ny hasarotam-piaro… izany indrindra no horesahintsika manaraka eto.

1. **Aiza ho aiza ny toerana misy ny "hasaRota-piaro" eo anatrehan'ilay fepetra hoe "fitiavana tsy manery":**

Samy manana ny heviny ny olona raha hasaRota-piaro, satria misy teny mihintsy aza ao amin'ny baiboly hoe "Jehovah dia andriamanitra saro-piaro". Miaraka mahalala anefa ny olona rehetra fa "tsy mahasoa ny hasaRota-piaro raha amin'ny endrika isehoany eo amin'ny fiainantsika andavan'andro, ny olona saropiaro mantsy matetika dia:

- Mamefy ny "tiany" tsy hifandray amin'ny olona hafa, na tsy hanao zavatra iray, na tsy hitafy karazan'akanjo toa izao na toa izao,
- Misy mihintsy aza dia mahavatra mankahala na manangana ady amin'ny olona izay heveriny ho rafy!
- Ny vono sy daroka mahazo ilay heverina fa "tiana" moa manginy fotsiny

Ny fitiavana toa izany dia midika "**fitiavan-tena"** satria **entanin'ny tahotra** ny ho very "olon-tiana" na very mpitia, izany hoe "**very tombotsoa**". Raha tsarina dia ny hasaRota-pîaro dia endrika isehoan'ny fitiavan-tena sy tsy fahatokisan-tena (tsy mahatoky valeur) ! ary midika kosa ho fanaovana tsinontsinona ny olona tiana ka hitsinjovana ny tombotsoan'ny tena manokana! ***Aleo tsy saro-piaro toa izany!***

2. **Ahoana ary no tokony ho hasaRota-piaro? (**Jehovah saro-piaro: Gen 20:05)

Raha mijery io andalan-teny ao amin'ny genesisy io isika dia mahita tsara ny endriky ny hasarota-piaro izay manimba sy mamaly faty ny olona tiana! Izany fomba izany anefa dia miteraka "tahotra" hoan'ny

mpanompon'Andriamanitra ka tsy nampitombo sy fitiavana an'Andriamanitra ao antin'izireo fa **mampitombo ny tahotra fotsiny**.

**Fa izay matahotra dia mbola tsy tena tia** ( I-Jao 4:18)

Fahiny dia tena tahotra tokoa no nentin'ny Zanak'Israely nanaraka ny sitrapon'Andriamanitra, fa tsy hoe fitiavana an'Andriamanitra izany mihintsy. Io toetra io dia novan'Andriamanitra taty aoriana, ka tsy tamin'ny didy sy fefy intsony no nentiny mitia, fa tamin'ny alalan'ny fanehoana "famindram-po sy fahalalahana" , ny endriky ny hasarota-piaro asehon'Andriamanitra taty aoriana dia ny "fisarahany" amin'ny olona izay mampirafy Azy !

Rehefa saro-piaro dia misaraka amin'ny olona izay "tsy azo anarina" fa mampirafy ny tena! **Matoa mantsy izy (minia) mitia olona hafa dia tsy tena tia anao akory izy izany**, dia mbola ilaina ve ny *hiaroaro* ny olona toa izany?

**3. Ry tanora malala:**

Tsy terena ny fitiavana, aza manery rehefa tia fandrao lasa tahotra sisa no hitiavan'ny olona anao, raha misy olona maneritery koa anefa dia ampitao aminy izany hafatra izany. Tena sitra-po ny mitia fa aoka tsy ho vokatry ny didy na fefy izany!

Rehefa tia dia manaraka ny sitraky ny tiana! Izay alehany no alehanao, izay fombany no arahinao, izay Andriamaniny no Andriamanitrao, ary izay toerana hitoerany no hitoeranao… Mandrapahafaty izany! Izany no ahafantaranao ny olona tia anao.

Ny hasarota-piaro (amin'ny endriny hoe "fitiavan-tena") dia mariky ny tsy fitokisan-tena sy fitsinjovana tombo-tsoa sy voninahitra, rehefa tsapanao fa tsy tia anao ny olona iray, Mbà sarotiny *amin'ny tenanao sy ny fitiavanao!* lalào izy!

Tapitra ny lesona faha IV

**<u>Fanotaniana andiany faha IV</u>**

1) Araka ny hevitrao, inona avy ireo marika ahafantarana fa tena tia tokoa ny olona anakiray?
2) Nahoana no latsaka tamin'ny fahotana I Solomona?
3) Araka ny hevitrao, rehefa ahoana no lazaina fa tsara ny saropiaro rehefa ahoana kosa no lazaina fa ratsy, Mahasoa ve sa tsia ny saropiaro? Hazavao ny hevitrao?

# V. NY LANJAN'NY LAZA TSARA EO AMIN NY FIAINANA

**Fampidirana:**

Tafaverina soa aman-tsara any amin'ny tanin'ny Joda I Rota sy Naomi, Olomahantra izireo, ny hany azony natao dia ny "mitsipona" (mitsindroka) mba hivelomana, Fomba fiainana izay nandidian'I Jhwh ny vahoakany ny hoe "Aza mitsipona ny latsaka" rehefa mijinja vary. Ireny dia nataon'ny vahoakan' Andriamanitra ho anjaran'ireo mahantra (Manaiky izy fa matoa iny latsaka dia Jehovah no naka azy ho anjaran'ireo Mahantra) (Lev 19:10 sy Lev 23:22),

Nitsindroka teny amin'ny tanimboly anakiray ary I Rota…

1. **Nahoana no nahazo fandraisana tsara tamin'I Boaza I Rota ka navelany hitsipona teo amin'ny tanimboliny?** Vakio **Rota 2:11**

**Satria tsara laza izy!** Efa henon'I Boaza tamin'ny zatovony ny momba an'I Rota; ny zatovony kosa dia naheno ny lazan'I Rota tamin'ny fiaraha-monina! Rota 2: 05

Zava-dehibe tokoa ny laza tsara na ny laza ratsy eo amin'ny fiainantsika tanora. I Rota ve dia hanampo fa malaza anie izy ity? Aza hadino fa tsy misy zavatra miafina amin'ny fiaraha-monina, ny zavatra tsy misy aza foroniny maika fa ny zavatra nisy! Matetika dia tsy ao antsaintsika tanora loatra fa misy "laza" manaraka ny fiainantsika hatrany , na eo antanàna izany na eo anivon'ny fiangonana, fa na isika malaza tsara , na isika malaza ratsy! Ary dia mahafantatra izany avokoa ny fiaraha-monina! Tsy voafetran'ny elanelan-tany io! Fa ny lazan'I Rota tany Moaba dia tonga hatraty Jodia! Ny lazanao any an-tanàna sy any ampianarana dia tsy maintsy ho tonga aty anivon'ny fiangonana, torak'izany koa ny lazantsika eo anivon'ny fiangonana, tsy maintsy ho tonga eo anivon'ny tanana izany!

Misy tenin'ny ray amandreny anakiray izay raha nananatra ny zanany hoe "*Mipetraha tsara ianao anaka fa raha malaza ratsy eto an-tanana ianao dia tsy hisy haka vady mihintsy raha tsy mifindra trano mihintsy angaha isika…*" Afaka Hifindra trano impiry anefa ny raiamandreny? Mora ny mamorona laza ratsy, fa mitaky ezaka lavitr'ezaka kosa ny laza tsara.

**Inona no atao raha malaza ratsy?** (Manao "*Demonstration*")

Mety ho vokatry ny nataonao na tsia, fa mety halaza ratsy tokoa ianao. Tsy vita mora ny mamafa izany laza ratsy izany, tsy afaka ny hifandahatra amin'ny

“fokonolona” ianao ka hikabary ampahibe-maso hilaza hoe “diso izany henonareo izany fa olona tsara aho” , tsy hamafa ny laza ratsy izany fa vao maika aza mety hiteraka laza ratsy hafa indray, toy ny hoe “manamarin-tena”, fa ny hany azonao atao dia ny “maneho fihetsika mifanohitra amin’ilay laza ratsinao, tsy indray mandeha , tsy indroa , fa tokony ho zary fomba sy toetranao tanteraka io “fihetsika mifanohitra amin’io laza ratsinao” io manomboka eo.

**2. Zanak’iza moa iry zazavavy iry?**

Misy dia misy aza efa malaza ratsy eo an-tanana (fitenintsika tanora indray izao ny hoe foza horana) dia tena misy kosa malaza tsara mihintsy! ary dia mitsiriritra ireny olona ireny ho vadin’ny zanany ny “raiamandreny”. Jereo tsara fa ny miraikitra sy mifaningotra amin’ny anaran’ny raiamandreny ny lazan’ny zanany, raha ratsy laza isika dia ratsy laza hatramin’ny ray aman-dreny, torak’izany koa raha tsara laza!

Ny vokatry ny laza tsaran’I Rota dia nahazo nitsipona teo amin’ny tanimbolin’I Boaza izy , ary namporisihiny tsy hifindra tanimboly , nomeny baiko mangingina koa ny zatovony mba “handatsaka” misimisy mba hotsiponin’I Rota . **Tsara laza marina I Rota!**

**3. Ny fanampiana ny mahatra, Ny fitokisana, ary ny asa soa.**

Fa nahoana, na dia mahalala ny laza tsaran’I Rota I Boaza no tsy nanome “vary” azy avy hatrany fa nahoana no mbola nasainy mitsipona izy? Tsy tokony ho nomena vary avy ao antsopitra ve i Rota raha tena manana fo hantra tokoa i Boaza? (**Rota 2: 8-9**)

Maneho toetra malina i Boaza eto! Tsy hoe rehefa tsara laza ny olona iray dia homena fitokisana sy fitiavana avy hatrany! Ilaina ny mizaha toetra azy fandrao misy “mandrobo” fotsiny ny tena ka ho voafitaky ny laza tsaran’ny hafa. Nasehon’I Rota taminy anefa fa vehivavy mazoto miasa izy, ka tsy nanararaotra ny lazatsarany ho entina mandrobo na maka ny fananan’I Boaza (*manataka* hoy isika tanora) Misy tokoa mantsy olona malaza ho tsara fanahy, kanefa dia kamo be tenda ihany koa! Tandremo sao sendra vehivavy na lehilahy toa izany ry zareo!

**4) Ny fomba fitondrana ny mahantra:**

Maro isika mpitarika na tompon'andraikitra rehefa sendra ireny mahantra ireny dia malaky mitso-drano sy mitondra ambavaka ery! Ary mankahery ilay mahantra mba hatoky sy hametraka ny fiainany amin'ny Tompo, Ahoana anefa no hitokisany ny Teninao ho marina (hoe manavotra ny Tompo)? Tonga teo aminao izy tsy nomenao akory? Ny mahazatra ny olona rehefa mahita mahantra ihany koa dia ny "zara raha manome", na koa manome sakafo na vola avy hatrany, tsara ihany izany kanefa tsy ahasoa ilay mahantra. Ho avy hiverina eo aminao hatrany izy raha manao izany ianao satria tsy mivaha akory ny olany!

Misy koa antokon'olona na antokom-pivavaha izay mivoy fa "tsy sitrak'andriamanitra ny fahantran'ny olona, tsy tokony harary sy sahirana ny vahoakan'Andriamanitra hoy izireo! Ozona no anton'ny aretina hoy izireny! Famaizana no aton'ny Olana sns . Ary dia izany no atao raiki-pohy isaky ny mitoriteny na manao fanentanana! Tongava aty aminay fa manasitrana sy mampanakarena io Andriamanitra io! Fa tsy tokony ho sahirana na harary ny Kristiana (Diso TANTERAKA izany fiheverana izany! Jereo ny lesontsika izay mikasika ny sedra izay zakain'ny Kristiana, odian'izireo tsy hita ny nahazo an'I Joba, ny fahorian'I JK, ny olana nahazo an'I Paoly sns)

Tokony hiasa mba ho mendrika ny sakafony ny mahantra. Ary na dia tsy manana aza izy dia lesona lehibe ampianarin'Andriamanitra ny mahantra ny momba ny "fitsiponana"

Ny tsara indrindra dia ny manao tahaka an'I Boaza , ampiana hiasa izy! Mba ho vokatry ny fisasarany no hiainany! Izany no fomba mahomby indrindra

Tapitra ny lesona faha V

**<u>Fanotaniana andiany faha V</u>**

1) Raha malaza ratsy ianao, inona no mety ho vokatr'izany amin'ny fiainanao sy ny raiamandreninao?
2) Inona kosa no vokatry ny laza tsara?
3) Ahoana ny torohevitra lazain'ny Baiboly fa tokony hatao amin'ny malahelo (mahantra)?

## VI. SADY OLO-MAZOTO NO TSARA FANAHY

*Raha nijery mikasika ny tokony hiasana mba azahoana izay ho fiveloana isika teo dia andeha hijery ny toetran'I Rota , ka toetra anakiroa no hojerentsika eto:*

1. **Ny toetra voalohany :"Mazoto miasa** " Hitantsika eo amin'ny andalan-teny eto fa tsy nangataka mivantana tamin'ny tahirintsakafon'I Boaza I Rota na dia "tsara laza" aza izy, ary dia nitsipona tokoa izy ary nahery nitsipona "kely foana no nitoerany hoy ny zatovo" , eo amin'ny Rota 2: 17-18 kosa dia nahazo vary iray efaha izy,

2. **Toetra faharoa: tia mizara**! Nitondrany tamin'ny sakafo izay nohaniny ihany koa ny rafozany! Toetra tena mahate-hidera tokoa izany, misy mantsy ny olona na dia manana vady aman-janaka izao aza dia mahavatra mamoky tena tsy mitondra mody!

Misy olona izay mazoto miasa tokoa, ary misy ambininy tokoa izy ireny, matetika anefa ny olona toa izany dia mety ho ratsy sy tia tena ka tsy mety mizara amin'ny hafa! Fomba fitenin'izireny ny hoe "nisasatra ho no nazahoako ireo" koa mila misasasatra koa ny sasany fa izaho tsy hanome maimaim-poana izany! I Rota kosa anefa dia sady mazoto miasa no tia mizara izay azony!

Mba fantaro tsara ny lazan'ny olona anakiray, sy ny tena toetrany tokoa vao mitia isika fandrao voafitaka ka hanenina be vava.

Tapitra ny lesona faha VI

**Fanotaniana andiany faha VI**

Araka ny hevitrao manokana, mba ataovy lisitra hoe ireo tianao ho toetran'ilay (lehilahy, na vehivavy) tianao ho vadinao rahatrizay :

- Toetra ivelany : (ara-batana)
- Toetra ara-panahy (toetra sy fihetsika)

# VII. NY FIFANKATIAVAN'NY MPIANAKAVY SY NY FIFANAMPIANA

## 1. HAVANA MAHAVOTRA!

Vakio ny **Levitikosy 25:25** "Raha tahiny ka malahelo ny rahalahinao ka ivaRotany ny taniny dia ho avy ny havany akaiky ka hanavotra izay amidin'ny rahalahiny" toa izany koa ny amin'izay Havana mivaro-tena *ho andevo*, tsy maintsy vidian'ny havany izy! **Lev 25: 47-49**;

Izany hoe raha mivarotra lova ny olona anakiray satria sahirana dia "adidin'izay havany akaiky azy no mividy izany izany mba tsy ho lasan'ny fianakaviana hafa ny lova, ary ho azony vidiana indray rehefa manam-bola izy.

## 2. NY FITONDRANA LOLOHA eo AMIN NY MPIRAHALAHY Deo 25: 5-10

Raha tsorina io didy io dia izao no fisehony: raha maty momba ( tsy niteraka ) ny lehilahy anakiray , **dia adidin'ny zandriny ny manambady ilay vehivavy vadin-jokiny** ka rehefa miteraka ny lahimatoa izy dia ampitondraina ny anaran-dralehilahy zokiny iny zaza iny; Raha tahiny ka tsy mazoto razandrilahy dia mandeha eo anatrehan'ny loholona* (Olona tranainy eo amin'ny tanana jiosy no antsoina hoe loholona ao amin'ny baiboly) ravehivavy ka mitaraina any, antsoina avy eo razandrilahy ka rehefa tsy manaiky « hitondra loloha » izy dia izao no fanamarihana (ceremonie) hatao :

- **Esorina ny kapan'ilay zandrilahy,**
- **Roràn'ilay vehivavy izy !** (Marihina tsara fa tsy vonoina izy tsy akory fa alaina Baraka hoe "iny ilay nalain-kapa!", ireroa ny fianakavian'ilay "nalain-kapa", Ny andevo no tsy ampanaovina kapa fahizay)

Misy andalantsoratra masina milaza fa novonoin'i Jehovah I Amona satria tsy nety niteraka tamin'ny vadin-jokiny (Namitaka ilay vehivavy ralehilahy tamin'io tantara io satria efa nanaiky hitondra loloha izy nefa tsy tia ny hanan'ilay zokiny zanaka mpandova Indray) Gen 38: 6-10

**HAVANA MAHAVOTRA AN' I NAOMI MIANAKAVY I BOAZA**

Eto ary dia sady mahantra mila avotana I Naomi sy Rota no maty vady ihany koa!

- Mila mivarotra ny taniny izy amin'ny havany izy
- Mila miteraka hamelo-maso ny anaram-badiny ihany koa

## 3. INONA NO LESONA AZO TSOAHINA ETO?

Manana adidy hifanavotra ny fianakaviana, toe-tsaina sy fomba efa nampianarina ny zanak'Andriamanitra hatramin'izay izany: Manana adidy hanavotra ny zoky na zandry na raiamandreny izay sahirana isika, manana adidy hifanampy fa tsy hiavonavona na hifandatsa.

Aza hadino izany rehefa tafita ianao rahatrizay satria Jehovah Andriamanitra mihintsy no nandidy izany tamin'ny olony!

Tapitra ny lesona faha VII

**Fanotaniana andiany faha VII**

1) Hazavao, Inona no atao hoe mitondra loloha?
2) Nahoana no didin'Andriamanitra hividy ny fananana vaRotan'ny havany ny Zanak'Israely?

# VIII. RAIAMANDRENY MANDRAY ANDRAIKITRA

**Vakio Rota 3:1-4**

Anisan'ny zavatra izay mampiasa ny sain'ny ray amandreny ny momba izay ho tokatranon'ny zanany, indrindra moa fa ny zanaka vavy, raha olona hafa I Naomi (rahavavy na namana) dia azo lazaina hoe namporisika an'I Rota hanao izay ahalatsa-pitiavana an'I Boaza izy, eto anefa dia tena "andraikitra amin'ny maha raiamandreny" no noraisiny, nomeny torohevitra I Rota !

**1. Toa izao ilay torohevitra:**

**Mandroa, mihosora diloilo, miakanjoa**! Kanefa aza manao fantany!

*"…Tsy misy fahadisoana ny amin'izany, raha amin'ny maha mpanabe ahy" ZK Andry, ilaina tokoa ny:*

**a. *Mandroa! midiova***!, *mikarakara vatana, tsy tokony haloto na voretra mihintsy ny tanora raha maniry ny ho tian'ny tovovavy na tovolahy.*

**b. *Mihosora diloilo***, *karakarao ny vatana, ny volo, ny endrika … (tsy simbaina na hosorana lokoloko isa-karazany tsy akory)*

**c. *Miakanjoa tsara*** *raha te hahazo namana sy ho tian'ny olona ny tanora. "…Tsarovy anefa fa "miakanjo" fa tsy miboridana na manao akanjo mitanjaka tsy akory…"* **ZK Andry**

**d. Amin'ny fotoana lehibe sy manokana fa tsy andavanandro tsy akory!**

Ary tsy *misolantsolana* eo amin'ilay olona isan'andro na isak'izay mahatsiaro na isak'izay misy fotoana fa miandry ny fotoana anakiray mety, anotanio I neny e! **(Rota 3:1-4)**

Tsy ny tovovavy ihany fa na ny lehilahy koa dia tokony ho sarotiny amin'ny fitafy entiny, Fa tsy ho variana manao fitafy misavoritaka na mikorontana (aza miseho *degany fa samihafa ny style Kristiana sy ny Style stanique*).

**2. "Mba rakofy ny lambanao ny zatovonao fa havana mahavotra ianao":**

Fidifidina izay teny atao rehefa eo imason'ny olon-tiana, tsy ilaina ny miteniteny foana, tsy ilaina koa anefa ny miolakolaka manao teny saro-patarina fa tahaka ny nataon'I Rota eto dia "nampatsiahy" an'I Boaza ny adidy tokony ho raisiny fotsiny izy, sy izay tokony hataony, ary naneho fa "sitrany" raha "avotan'I Boaza" izy.

Betsaka ny tovovavy no mahatsapa fitiavana lehilahy, tsy anjaran'ny vehivavy anefa "araka ny fomba sy ny baiboly" ny mampaka-bady! Na mitia voalohany (Jesosy no lehilahy, fiangonana no vehivavy; Jesosy no tia voalohany vao tia ny fiangonana)

Azo atao tsara anefa ny maneho fitiavana amin'ny fiteny tsotra, fihetsika , fanomezana, tsikitsiky fa tsy hoe hanao "je t'aime" sy "tiako ianao" tahaka ny lehilahy akory!

**3. Miaritra fakapanahy, izany ka tena lehilahy!**

Jereo tsara ny valin-teny nomen'I Boaza: "Marina izany !" hoy izy; ary nolazainy koa anefa hoe "**Anaka**". Nanao ahoana re raha lehilahy hafa no tojo zavatra toa izao e? tsy tonga ve dia "nanondrana" tamin'ilay tovovavy teo izy, ny hitady aza hataony maika fa efa misy "misitrika anaty lamba"?... Tanteraka eto ny hiakan'ny skoto sampana mena anakiray hoe "Miaritra mafy ny fakam-panahy ! Izany ka tena lehilahy!"

**4. Tovolahy tsy manala Baraka :**

*Aza atao fantatry ny olona fa taty ravehivavy* hoy I Boaza, tena fitsinjovana ny haja amam-boninahitr'ilay vehivay tokoa no nataondralehilahy eto! Firifiry moa ny tovolahy no manala Baraka ny vehivavy izay tsapany fa tia azy, misy aza manala Baraka ireo vehivavy izay tia azy fahiny na koa mampitombo resaka sy mamorona tsotra izao!

Tsy nanao izany anefa I Boaza fa nanaiky ny hanao izay "METY" amin'I Rota izy, saingy na izany aza dia nolazainy fa mbola misy olona hafa afaka manao izany.

**5. Ny rafozana no tsinjovi-mandeha..**

Teto dia nampitondrainy vary avy tao antsopitra izy (tsy notsoponina) ary nalefany nody.

Fomba anakiray entina mitia sy mahazo ny sitraky ny raiamandreny tokoa ny fanajana ny "ray sy renin'ny olona tiana", Mila maneho fitiavana sy fanajana ny "raiamandreniny" ianao raha te "hahazo azy",Maneho fahalalam-pomba sns. Misy lanjany **lehibe sy tsy azo ivalozana** mantsy ny hevitry ny ray na reny raha vao resaka fitiavan'olon-droa no resahina.

Mety ho tia anao ihany izy (na ho tia azy ianao), saingy ho sarotra aminao ny hampaharitra ny fiarahanareo raha vao mitsivalana ny ray sy reny.

Tapitra ny lesona faha VIII

**Fanotaniana andiany faha VIII**

1) Tanisao, inona avy ireo torohevitra nomen'I Naomi an'I Rota mikasika ny fanehoana fitiavana an'I Boaza?
2) Ahoana no tokony ho fifandraisana amin'ny raiamandrenin'ny olona tiana?

# IX. ZANAKA SY RAY AMANDRENY MIFAMPATOKY

Rehefa niverina avy tany "ampamoloana" I Rota dia nanotanian'I Naomi izy ny tamin'izay nitranga , ary dia notantarainy avokoa ny zavatra rehetra, zavatra tena irin'ny raiamandreny tokoa ny mba hitantaran'ny zanany ny zavatra rehetra toa izany, ary tsara indrindra raha tsy mifanafina ny mpianaka fa mifampatoky tsara.

Taorian'izay dia tsy navelan'I Naomi hoany amin'I Boaza intsony I Rota, fa nasainy "miandry", tapitra tokoa ny ajaran'I Rota fa anjaran'I Boaza sisa no mihetsika. Ilaina ny mahay "miandry" toa izany fandrao dia lasa toy ny "mivaron-tena" ny tovovavy raha manao "mihoatra" izay nataon'I Rota izay! (Ento am-bavaka ary, dia mahareta!)

## 1. NAHOMBY NY TETIKA..

Nampatsiahivin'I Rota tamin'I Boaza fa "manana adidy" hanavotra an'I Rota sy Naomi izy, ary dia nahomby izany hetsika izany, mitady ny havana akaiky tokony hanavotra an'I Naomi sy Rota izy!

## 2. LEHILAHY MAHAY MANDAMIN-DRESAKA- NAHAZO IZAY IRINY

Araka ny efa lesontsika teo aloha dia misy fombafomba atao rehefa "manavotra havana"

Nantsoin'i Boaza ilay havana akaiky kokoa noho izy, niantso loholona folo izy, ary rehefa nantsoiny ilay havany dia nataony ny dinika, Nambarany fa mila havotana (vidina) ny lovan'I Elimeleka, ary I Naomi vadiny no mivarotra izany.

Rehefa nanaiky anefa io havana io vao nambarany fa mbola tokony hividy izany lova izany amin'I Rota ihany koa ity havana ity, (maninona no tsy I Rota avy hatrany no nolazainy fa nolazainy aloha hoe an'I Naomi izay vao an'I Rota ihany koa?)

Tsy nanaiky ilay havana teto satria mividy indroa izy (avo roa heny)! Ary dia notsofiny rano hoan'I Boaza ny lova. Sady nahazo lova I Boaza teto no nahazo vady ihany koa! (Tanteraka ara-bakiteny ny hoe lova avy amin'I Jehovah ny vady hendry!

Tapitra ny lesona faha IX

**Fanotaniana andiany faha IX:**

1) Nahoana no nahomby ny torohevitra naroson'I Naomi?
2) Nahoana no miantso loholona I Boaza fa tsy nalainy vady mangingina I Rota

# X. FANAMBADIANA VOATSO-DRANO SY TEO ANATREHAN'NY VAVOLOMBELONA MARO

**Rota 3:10-13** Lasan'I Boaza ara-dalana tsy misy romoromo ny lovan'I Elimeleka; nahazo vady an'I Rota ihany koa izy, vavolombelona maro no nanatrika sy nitso-drano izany (ny loholona sy ny mpiara-monina).

Nankasitraka an'I Jehovah I Rota nohon'ny zava-nitranga rehetra, nanana anaka izy ary nitso-drano azy ihany koa ny rafozany voalohany (Naomi)

**1) ILAY MARIAZY TAO EDENA:**

Vakio Gen 2:18 sy Gen 2:20-25 sy Gen 1: 28

Raha mbola tsy nanatrika mariazy ianao, dia tsarovy fa tahaka ny "teatra" na lalao kely izy io, izany hoe ilay "tao Edena fahizay" no averina lalaovina sy tsarovana.

1) Ilay lehilahy tonga alohan'ny vehivavy ka miandry ery aloha dia tahaka an'I Adama izay sondrian-tory ka miandry izay ho namany.
2) Ilay Raim-pianakaviana izay mitantana ny zanany vavy, dia tahaka an'I Jehovah izay nitondra an'I Eva teo amin'I Adama.
3) Ny tso-drano izay ataon'ny raiamandreny dia tahaka an'I Jehovah izay nitsodrano azy roa.
4) Ny tontolo manodidina tao Edena kosa dia vavolombelona fa "mpivady" iziroa, ary nankasitrahan'ny Ray izany.

Ilaina ny fanatrehan'ny fiaraha-monina rehefa hanangana tokantrano, indrindra indrindra fa ny faneken'ny ray amandreny… Aza hadino fa tsy maintsy misy vavolombelona maro ny "fanambadiana" fa tsy fomba ny manambady any amin'ny takona na manambady amin'ny mangingina.

**2) FETINAREO io !!!**

Raha ny baiboly no jerena dia tena "Fety sy korana" ny fanambadiana fa tsy fombafomba mangingina tsy akory, tsy fotoam-pivavahana ihany akory izy (misy ny fotoana natao hitondràna am-bavaka sy fitsofandràno ny fanambadiana) fa tena fety sy lanonana natao hanehoana fifaliana (Hira, fifampiarahabana, Lalao, vazivazy, sakafo, firaketana "fahatsiarovana (sary) sns). Maharitra andro maromaro aza izany (herinandro) hoan'ireo izay nanan-katao teo amin'ny Jiosy (na ny Silamo koa aza). Tsy voatery hanao fandaniana mihoam-papana anefa ianareo, kanefa kosa tsy maintsy hisy ny "fandaniana" satria "raharaha" no atao

fa tsy zava-poana tsy akory! , Mahaiza manomana dieny izao, ary mahaiza mifaly sy manararaotra mifaly rehefa tonga ilay andro malaza fa "andronareo roa irery io, ianareo no "*rôles sy mpibaiko*", ianareo no mpanjakan'ny lanonana "roi et reine" mandritra io andro io, Araraoty ny fifaliana fa tsy tokony hisy intsony ny fanambadiana fanindroany, raha tsy hoe misy "loza" tsy ampoizina manjo ny tokatrano angaha sanatria.

(Ilazao ary ny namana sy ny havana, kanefa tsy voatery hasaina daholo izy rehetra, asao ihany koa ny tanora sy ny mpanabe tanora raha ampy ny enti-manana!)

**3) ROTA – RAZAM-BE NIPOIRAN I JESOSY**

**Rota 3:17** Obeda no anarana nomena ny zazalahy, ary io zaza io no rain'I Jese ilay rain'I Davida nipoiran'I Jesosy Kristy! Tena tsara fototra nipoirana tokoa I Jesoa Kritsy taranak'olona **hendry**, **mazoto**, **tsara fanahy**, **mifankatia**, **manaja raiamandreny** sns Izy

Zava-dehibe araka izany ny fahafantarana ny fototra nipoiran'ny olona iray halaina vady, fa tsy izay hita rehetra dia mety sy azo vadiana avokoa…

**4) HAFATRA :**

Ry tanora sy mpampianatra malala, niezaka namakafaka amin'ny endrika hafa ity tantara ity isika nandritra izay lesona izay, anjarantsika no mandalina sy manampy ohatra maro ireo andian-kevitra sy lesona noborahana teto

MIsy fotoana tokoa tsy maintsy handalovana fahoriana, kanefa ireny fahoriana ireny dia fotoana fanararaotana hanehoana amin'I Jehovah fa mahatoky Azy isika, tsy tsara ihany koa ny miandry tolorana fotsiny eo amin'ny fiainana fa tsy maintsy miezaka ny tsirairay, ary ny farany dia aoka ho tsarovantsika mandrakariva fa misy lazany avokoa ny olona rehetra, na lahy na vavy, ary ny laza ratsy dia manimba ny fiainana ho avy, ny laza tsara kosa dia manamora ny zavatra ho avy.

Tsy mandainga ny Soratra Masina, fa azo hanatsoahana hevitra sy alain-tahaka tokoa ny tantara voarakitra ao anatiny, anjarantsika no mandray izany, mamakafaka azy mba hahasoa antsika, ho an'Andriamanitra irery ny voninahitra.

Tapitra ny lesona faha X

**<u>Fanotaniana andiany faha X</u>**

1) Tianao ve raha atao mangingina ny mariazinao?
2) Araka ny teny hoe "Ary Jehovah nitso-drano azy (Adama sy Eva)", Mety ve sa tsy mety ny fanambadiana tsy mahazo tso-drànon'ny ray sy reny.

# AZONAO AMPIASAINA

1. **ROTA SY NAOMI ARY BOAZA**
2. **NY FIVAVAHANA SY NY FIFANDRAISANA AMAN'OLONA (TOME I),**



**FIKAMBANANA APOKALYPSY ETO MADAGASIKARA**
Lot IVO 69 B Bis Antohomadinika- Atsimo Antananarivo 101
Tel 22 657 87